Olomangan'i Madagasikara (tohiny)

Barijaona dia mpihira sy mpamoron-kira teraka tamin'ny 10 sepitambra 1926 tao Antananarivo. Niara-nihira izy sy ny vadiny Odette Suzanna ary nanana ny lazany tamin'ny taona enimpolo tamin'ny alalan'ny hira mitondra ny lohateny manao hoe *Vorona ô*, *Bako*, *Sompatra*, *Avia hilalao sy ny sisa*. Nampiasa ny soratanan'ireo mpanoratra malaza toa an-dry Ramaroson Wilson, Rado sy ny hafa koa izy. Nifindra nonina tany Frantsa izy sy ny vadiny ary dia nodimandry tany tamin'ny 26 aprily 1971.

Elli Luigi Antonio kosa dia pretra italiana teraka tamin'ny 11 fevrie 1952 tany Italia ka niasa tany amin'ny faritra Bara teto Madagasikara izay nanoratany boky maromaro toy ny hoe *Dizionaro Bara-Italianio* tamin'ny taona 1988, *Une civilization du boeuf: les Bara de Madagasikara* tamin'ny 1993 ary *Fomba Bara* tamin'ny taona 1999. Nodimandry tamin'ny 01 aogositra 2001 izy. Nampitondraina ny ananarany ny sekoly katôlika ao Zazafotsy disitirikan'Ihosy ao.

Manjarimanana Xavier Tabao dia Evekan'i Mananjary teraka tamin'ny 03 desambra 1927 tao Ankatafana Mananjary ihany. Voatendry ho tonian'ny fanoratana tao amin'ny gazety *Lakroan'i Madagasikara izy* ary voahosotra ho Eveka tamin'ny taona 1975. Nanoratra boky maro momba ny fitoriana ny fivavahana izy toy ny hoe *Ny vavaka sy ny hira* ary namoron-kira koa toy ny hoe *Voizo manafo, handeha hanarato* sy ny sisa. Nodimandry tamin'ny 24 mey 1999 izy.

Pelandrova Dreo dia mpanoratra vavy antandroy teraka tany Ekonka Ambovombe Androy tamin'ny taona 1921. Nanaraka ny vazaha vadiny nifindra monina tany Frantsa tamin'ny taona 1961 no sady nanoratra ilay boky malaza nahazo ny lokan'ny Akademia Frantsay mitondra ny lohateny hoe *Pelandrova* izay mitantara ny fomba fianana tany Androy tamin'ny andron'ny fanjanahan-tany. Nodimandry tany Frantsa tamin'ny taona 2000 izy. Asa moa na io lazany io antony nampitondraina ny anarany ny divay iray misy eto Magagasikara eto. Tokony mba hampitondraina ny anarany ny trano fianarana iray ao Androy ao na ny Oniversite mihitsy satria olo-malaza nampahalala an'i Madagasikara hatrany ivelany any ity olona iray ity.

Rakotomalala Joel dia manamboninahitra ambony tamin'ny tafika Malagasy teraka tamin'ny 29 martsa 1929 tany Toliara. Voatendry ho minisitry Paositra sy ny Fifandraisan-davitra izy talohan'ny nanendrena azy ho Praiminisitra voalohan'ny Repoblika Faharoa tamin'ny volana desambra 1975. Nodimandry vokatry ny lozam-piaramanidina izy tamin'ny 30 jolay 1976. Nampitondraina ny anarany ny C.E.G lehibe Mahamanina Fianarantsoa.

Razaf Andy dia mpamoron-kira jazz malagasy teraka tany Washington Etazonia tamin'ny 16 desambra 1895. Andriamantena Paul Razafinkarefo no tena anarany ary ary nandositra ny tafika frantsay mpanjanatany no nahatonga ny reniny tany. Maro ireo hira jazz noforoniny toy ny hoe *Baltimore* noforoniny raha vao 17 taona fotsiny, ny *In the mood, Memories for you* sy ny sisa. Voalaza fa arivo mahery moa ireo hira noforoniny ireo. Niverina nipetraka roa taona teto Madagasikara fiaviany izy tamin'ny taona 1941. Heverina fa angamba izy no Malagasy nanana ny lazany indrindra tamin'ny artista. Nodimandry tamin'ny 05 fevrie 1973 tany Holywood izy.

Ruyant Paul dia Frera katôlika teraka tany Frantsa tamin'ny taona 1896 ary niasa 66 taona teto Madagasikara. Nanorina trano fiangonana sy sekoly lehibe maro taty Betsileo toy ny Eglizy katôlika ao Ambositra, ny Eglizy Ambatomena sy ny Kôlejy Saint François Xavier Fianarantsoa sy ny sisa. Nanana talenta manokana tamin'ny fijerena loharano ambany tany izy ary namorona ny tarika mpilalao baolina kitra atao hoe *Jeunesse Ouvrière Catholique* Ambatomena. Nodimandry tamin'ny 07 aprily 1987 teto Fianarantsoa izy.

Volahavana Germaine izay nantsoina koa hoe **Nenilava** dia mpanorina ny toby lehibe loterana Ankaramalaza. Tamin'ny 20 jolay 1920 izy no teraka tao Lokomby Manakara. Nandritra ny raharaha 29 martsa 1947 dia niezaka nikarakara ireo gadra pôlitika ary anisan'ny nitaky amnisitia faobe ho azy ireo. Aman'alina ireo Mpiandrin'ny Fifohazana Ankaramalaza manerana ny Nosy sy any ampitan-dranomasina toy ny any Etazonia,Frantsa, Nôrvezy sy ny sisa. Nodimandry tamin'ny 23 javie 1998 tao Ankaramalaza izy.

Profesora Henri Rasamoelina

(*hitohy*)